Fanisahana ny taom-pianarana 2

**Fanekena ny asa tsy vitan'izao fitondrana izao**

Depiote Fetra Ralambozafimbolona 2

**Nanatitra fanampiana tany an-tranon'ireo traboina**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Tsy araka ny nambaran'i Vazahabe 3

**Tena ao anatin'ny asan'ny kaominina ny fanamboaran-dalana**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 3 febroary 2022 Laharana 1258 Vidiny : 400 Ar


Rivodoza mahery vaika Batsirai 6

# Manatona an'i Madagasikara

## Namela takaitra tatsy Maorisy sy La Réunion



Fiadidiana ny Repoblika 3

# Misy fanavakavahana

## ny fitondrana ny samy mpanao gazety



Moramanga 6

# Misy fiatoana aloha

## ny fampiasana ilay Pont Bailey



Fikambanana ToMad 2

# Tsy nanadino ireo

## traboina noho ny andro ratsy




Sambo rendrika tany Soanieran'Ivongo 6

**13 nidoboka am-ponja, mbola tsy hita ilay tompon-tsambo**

Diplaomasia 7

**60 taona ny fifandraisana eo amin'i Madagasikara sy i Japon**

Daka kely



Tsy mahatoky tena ve dia mangalatra départ sahady ry Boaikely a !

Depiote Todisoa

# Nanampy sy niara-nivavaka ho an'ireo traboina

Nanohy nanampy sy niara-nivavaka ho an'ireo traboina ny depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-6, avy amin'ny antoko TIM, Todisoa Andriamampandry, ny faran'ny herinandro teo. Nambaran'ity olom-boafidy ity nandritra izany fa voin-kava mahatratra, ary tsy misy manana ny ampy, fa sambatra izay mifanampy. Nanome sakafo masaka sy laoka, ho an'ireo traboina miisa 700 mahery tao amin'ny FJKM AMBODIMITA BETELA FIRAISANA, ny depiote Todisoa sy ny ekipany nandritra izany. Nahazo vary, menaka ary zavatra maro hafa koa izy ireo, izay narahana fotoam-pivavahana fitondrana ambavaka azy ireo. Izany dia notanterahina tao Ambodimita, niaraka tamin'ny Mpitandrina sy ny mpiara-miasa aminy. "Isaorana ny Mpitandrina sy ny Fiangonana FJKM Ambodimita, tamin'ny fiaraha-miasa sy fiaraha-mientana tamin'ny fanomezana izay natao ary marihana fa voasolo tena tao daholo ireo traboina rehetra manerana an'AMBOHIMANARINA", hoy izy. Ny fanampiana ireo traboina nataon'ny antoko TIM izao dia araka ny toromarika avy amin'ny Filoha Marc Ravalomanana.

**Stefa**



*Ny fanomezana sakafo masaka ho an'ireo traboina, nataon'ny depiote Todisoa sy ny mpiara-miasa aminy.*

Depiote Fetra Ralambozafimbolona

# Nanatitra fanampiana tany an-tranon'ireo traboina

Anisan'ireo toerana nahitana traboina vokatry ny andro ratsy Anna ihany koa, ny tao amin'ny Boriboritany faha-5, teto Antananarivo Renivohitra. Araka ny toromarika avy amin'ny filoha mpanorina ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana, nidina ifotony, nijery mivantana ireo traboina tany an-tranony ny avy amin'ny birao politikan'ny antoko TIM, sy ireo depiote voafidy tamin'ny anaran'ity antoko ity. Anisan'ny nanatanteraka izany ny depiote Fetra Ralambozafimbolona, voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-5. Nidina ifotony tany an-tokantranon'ireo traboina ny depiote Fetra, izay sady filohan'ny vondrona parlemantera TIM voafidy tao aminy boriborintany faha 5, nanatitra fanampiana toy ny vary, menaka, savony, labozia, mba hanalana fahasahiranana ireo traboina noho ny fahavoazana nahazo azy ireo izao.



*Ny depiote Fetra (manao kasikety manga), avy amin'ny antoko TIM, nizara fanampiana ho an'ireo traboina, tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

**Niaina**

Fikambanana ToMad

# Tsy nanadino ireo traboina noho ny andro ratsy

Tsy nanadino ireo havana traboina noho ny andro ratsy nandalo farany teo, teto amintsika ny fikambanana ToMad (Tohanako Madagasikara), fa nitondra ny anjara birikiny nanampy azy ireo. Ny fikambanana ToMad dia ivondronan'ireo Malagasy malala-tanana eto an-toerana sy any ivelany. Noho izay hetsika nataony izay, misy ny fanambarana avy amin'izy ireo:"ny fikambanana ToMad dia maneho fisaorana lehibe ho an'ireo namana, havana, na tany an-toerana na taty adilambato, nanampy sy nanome tanana tamin'ny fikarakarana rehetra momba ny "VONJY RANO VAKY "noho ny fandalovan'ny rivodoza "Ana". Mankasitraka tompoko, fa tsy irery tokoa izahay teo amin'ny fikarakarana sy ny fanatontosana ny fizarana rehetra. Vita antsakany sy andavany tokoa ny fizarana noho ny fiaraha-miasa. Ireto no toerana nanaovana ny fizarana:

-Anosibe,
-Isotry,
-Ambohitrimanjaka,
-ary fizarana nataon'ireo Vehivavy TIM, notarihin-dRamatoa Arphine Rahelisoa. Misaotra ireo nahafoy fotoana niara-niasa taminay. Mahereza daholo tompoko ». Mbola hitohy hatrany izao hetsika sosialy hataon'ity fikambanana ity izao eto an-tanindrazana.

**Isambilo**




*Olona traboina, anisan'ny nahazo fanampiana tamin'ny fikambanana ToMad.*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fanisahana ny taom-pianarana

# Fanekena ny asa tsy vitan'izao fitondrana izao

Miverina hatrany ny resabe sy adihevitra be, momba ny fotoam-pianarana mety eto amin'ny firenena rehefa amin'ny fotam-pahavaratra toy izao, indrindra rehefa mianjady ny olana ateraky ny loza voajanahary. Ny mandrirotra ny adihevitra dia ny amin'ny hoe tokony ho amin'ny fotoana toy izao, ny volana desambra hatramin'ny febroary na janoary hatramin'ny aprily no hametrahana ny fotoam-pialantsasatra lehibe, fa tokony hialàna ny fotoam-pianarana hatramin'izay. Misy kosa etsy ankilany ny milaza fa tokony ho hazonina ihany satria angamba mety amin'ny fiainany kokoa izany. Efa saika natomboky ny fitondrana teo aloha ny amin'ny fanatanterahana iry hevitra voalohany, ary efa nanomboka nikisaka ny taom-pianarana, saingy ny ratsy tamin'izany dia ny mpianatra no lasa lasibatra tsy araky ny pedagojiam-pampianarana intsony no nitranga. Tao anatin'izany mantsy dia tonga hatrany amin'ny 10 volana no nianaran'ny mpianatra. Tsy nisy fialàna tsiny nataon'ireo tomponandraikitra nanatanteraka izany tamin'ny mpianatra sy ny ray aman-dreny. Ny sekoly no nahazo aina, ireo sekoly tsy miankina andoavana saram-pianarana satria nitombo ny volana nidiram-bola.

Fa ao anatin'izay adihevitra be rehetra izay, tsikaritra fa misy lafiny lehibe tsy voajery na tsy voaresak'ireo mpiady hevitra kanefa tokony hosokirina sy tsindriana mafy. Ny fanakisahana ny taom-pianarana hiàla amin'ny fotoam-pahavaratra na ny fiharetana amin'izany ihany koa dia midika tsotra izao ny fanekena ny zava-misy iainana. Ny zava-mitranga ankehitriny vokatry ny toetrandro sy ny rotsak'orana be dia nampiharihary ny asa tsy vitan'ny fitondrana. Misy fotodrafitrasa mikasika tanteraka ny fiainam-bahoaka andavanandro, tsy nahamaika izao fitondrana izao, fa zavatra hafa no nifotorany sy nitadiavam-bola nitrosana tany ivelany. Raha tena mitsinjo vahoaka sy tena manana fahaizana mitondra ity firenena ity, dia vao nandray ny fitondrana tany am-piandohana dia izany no nifotorana natao, satria mpiseho sy mpamely isan-taona izany. Iaraha-mahita tsara izao, fa tsy misy afitsoka amin'ny fanamboaran-dalana eto an-drenivohitra ny ao amin'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo, fa nandany andro niady amin'ny mpanolotsaina sy mitady ny fomba rehetra hanilihana hatrany ny avy amin'ny mpanohitra ao, dia izao miàla bala sisa fa tsy anjarany hono izany. Miankina amin'ny fiainam-bahoaka tanteraka anefa ny lalana.

Raha nohatsaraina izay nisy sy nanao fotodrafitrasa vaovao mihitsy tamin'ireo toerana, fokontany sy kaomina tena mila izany amin'ny fotoam-pahavaratra toy izao, tao anatin'izay fotoana nahateo amin'ny fitondrana ny mpitondra ankehitriny izay, dia tsy nipetraka ho vesatra mafy eto amin'ny firenena toy izao ny olana misy. Ny fisainana fa tokony hikisaka ny taom-pianaran'ny mpianatra dia fanekena hatrany ny hamela ny mpitondra izay fomba fiasany hatramin'izay ary tsy izy ireo no tomponandraikitra voalohany amin'izao zava-misy izao. Anjaran'ny vahoaka tompom-pahefana no manery ireo tomponandraikitra eo amin'ny fitondrana ireo hiasa mafy hanasoa ny firenena, fa rehefa tsy hahavita dia tokony hieritreritra hametra-pialàna.

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Koloina R.

## Ny Valosoa sy hadihady

Loza mihàtra

# Araraotin'ny mpitondra hanasongadinan-tena

Nivalona ny alatsinainy indray ny volana janoary, volana voalohany ato anatin'ity taona vaovao 2022 ity. Azo lazaina fa volana iray nitondran'ny vahoaka tsy mandady harona eto amin'ity Firenena ity ny mangidy tokoa. Raha ny tatitra navoakan'ny Ministeran'ny Fahasalamana tamin'ny faran'ny herinandro momba ny valanaretina covid-19, dia nandavo mpiray Firenena mihoatra ny roanjato izy ity, ary efa roa taona no tsy laitra nakisoka sy tsy voafehy na dia nambanian'ny mpitondra, fa tsy mafy noho ny pesta sy kôlerà aza. Toy ny tamin'ny fiandohan'ny taona lasa dia nisy fahafaham-baraka indray dia ny nahatratrarana ny volamena 49 kilao tatsy amin'ny Nosy Comores. Efa any am-ponja ireo roalahy nitondra izany saingy ny harem-pirenena kosa dia giazan'ny mpitondra any, toy ny 73,5 kilao atsy Afrika Atsimo ihany. Araka ny fantatra koa dia misy ifandraisany ireo raharaha roa ireo kanefa dia mbola maizina ny momba izany, iza ireo trondro vaventy sy ny tambazotra manao ity bizina maloto ity? Tsara tsiahivina fa toy izany koa ny bolabolan'andramena 300 taonina tratra tao Comores ihany tamin'ny tetezamita, ka ny mpitondra amin'izao fotoana izao ihany no nanampahefana tamin'izany. Tondraka ny rano taorian'ny oramikija ny herinandro lasa, tsy eto an-drenivohitra ihany, fa any amin'ny Faritra maro koa. Aman'hetsiny ny traboina izay efa mitoby any amin'ireo kianja mitafo sy sekoly any. Amampolony maro ihany koa no namoy ny ainy noho ny tondradrano sy ny tany mihotsaka. Ny olana anefa dia tsy manana na inona na inona ireo traboina, satria tsy nahazaka na inona na inona avy any an-trano nilaozana. Ijaliana ihany koa ny rano sy ny jiro ary ny toeram-pivoahana any amin'ny toerana itobian-dry zareo. Tonga nitsidika ny toerana sasany ny filohan'ny Repoblika Rajoelina ary nanambara fa fotoana fampisehoana ny firaisankina sy ny fifankatiavana ny toejavatra tahaka izao ary nitondra fanampiana. Ny zava-doza anefa dia noferana omaly alarobia ny andro farany nipetrahan'ireo traboina any ammin'ireo toerana nitobiany. Rehefa hiverina any amin'ny toeram-ponenany ireo traboina ireo dia hisy ny fanampiana kanefa izay manana karnempokontany "manara-penitra" ihany hono, no hisitraka izany. Haverina koa ny "tsena mora". Noferan'ny fitondrana ho arivo ariary ny vary iray kilao, dimy arivo ariary ny litatry ny menaka, sns… Ny fahafantarana azy dia na ny eto anivon'ny Faritra Analamanga aza dia misy fokonolona tsy mbola manana ny karnempokontany manara-penitra akory, tsy lazaina intsony izany ny any amin'ny Faritra hafa. Raha ny marina dia misy fanampiana avy any amin'ireo mpiara-miombon'antoka, ny hita anefa dia nolokoina lokon-dôranjy ny gony sy ny fonosan'ireo fanomezana hafa. Manampy trotraka izany dia tsy afaka nanao ny fitadiavam-bolany andavanandro akory ireo traboina ireo. Ny tena zava-doza ihany koa dia nampiakarina izay tsy izy, ny hetran-trano eto an-drenivohitra, kanefa ny vidim-piainana aza efa tsy zaka intsony dia hitambesaran'izany indray ny mponina. Tsy tongatonga ho azy ny tondra-drano satria betsaka ny zavatra miorina tsy manara-dalàna eto an-drenivohitra tato anatin'ny telo taona, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fanotofana tany eny amin'ny toerana tsy tokony hanaovana izany. Etsy ankilany koa ny fanorenana trano eny ambonin'ny lakan-drano, izay manakana ny rano tsy hivarina any amin'izay tokony halehany. Marina fa efa ampiasaina ireo paompy misintona rano ary lasa ny andro ratsy ka nihena ny rano. Nasaina nanadio ny lakan-dranon'Andriantany ihany koa ny mpitandro ny filaminana. Tsy mahazo misioka anefa satria mananontanona any indray ny rivodoza, ka manentana sahady ny mpiray tanindrazana ho vonona hiatrika izany. Tsy mbola nofoanan'ny mpitondra ihany koa ny "état de sinistre", satria mety hahazoana fanampiana avy any ivelany indray ny toe-draharaha. Tsy lasa nanaraka ny andro ratsy ny valanaretina covid-19, ka tsy maintsy mbola hajaina ireo fepetra ara-pahasalamana rehetra. Na inona na inona ihany koa tranga misy mety manahiran-tsaina sy ireo tolotolotra ataon'ny fitondrana hanakonana ny ratsy ataony dia tsy tokony hohadinoina ny nataon'izao fitondrana izao nampilentika ny Firenena amin'izao toerana misy azy izao. Tsy ny tantara no havela hitsara, fa ny olompirenena tsirairay no hanasazy izay mpitondra nampidikizo azy toy izao. Na voajanahary na niniana natao ny tranga misy dia tsy iadian-kevitra, fa tomponandraikitra foana ny mpitondra, ka tsy afa-miala ary tsy tokony hiandry fisaorana sy doka avy amin'ireo notolorany fanampiana.

***Andry Tsiavalona***

Fiadidiana ny Repoblika

# Misy fanavakavahana amin'ny fitondrana ny samy mpanao gazety

Nitaraina ireo mpanao gazety tany Toamasina ny talata teo, tamin'ny fidinan'ny Filoha Rajoelina tao amin'ny seranantsambon'i Toamasina, fa nisy ny fanavakavahana ny mpanao gazety samy nanao ny asany nataon' ny tao amin'ny fiadidiana ny Repoblika sy ny tao amin'ny seranana. Noho izay antony izay, misy ny fanambarana avy amin'ny Cellule de Crise ny asa fanaovan-gazety eto amintsika : «ny Cellule de Crise des Journalistes de Madagascar dia mijoro, ary mbola miasa hatramin'izao ary ivondronana mpanao gazety eran'i Madagasikara. Noho ny tranga izay nisy ny talata 01 febroary tany Toamasina, tamin'ny fanaovana ny tati-baovao, izay natao tamin'ny fidinana ifotony nataon'ny filoham-pirenena dia tsapa fa nisy fanavakavahana eo amin' ny fitondrana ny samy mpanao gazety, miainga avy amin'ireo miandraikitra ny serasera, ka nisy ireo afaka nanaraka malalaka ny tranga sy seho



*Ireo avy amin'ny Cellule de Crise ny asa fanaovan-gazety eto Madagasikara.*

tany amin'ny Port, nisy kosa ny voasakana noho ny antony tsy voazava hatreto tamin'ny fanarahamaso io vaovao io.
Tsy fahatomombanana teo amin'ny fandrindrana ve ? Raha vao niainga dia tsy nisy ny sakana, tsy nisy ny toromarika ary tsy nisy ihany koa fakana taratasy manokana ny amin'ny fanaraha-maso io hetsika io ary maro ny mpanao gazety, no nandeha fiara sy moto tamin'izany. Rehefa tonga teo an-toerana anefa dia hita fa nisy ny tompon'andraikitra voarara tsy afaka niditra tao amin'ity toerana ity. Ary teo koa no nahitana fa nisy ny mpanao gazety afaka niditra ary nisy kosa ny tsy afaka niditra.
Araka ny fanazavana dia hoe haingana ilay fidinana ifotony nataon'ny filoham-pirenena, ka na ireo mpanotrona aza tsy afaka nahita akory izay tena natao teny an-toerana raha tara. Na nisy aza fanelanelanana, mba hahafahan'ny mpangao gazety maka feo sy sary, araka ny fanazavana azo teny an-toerana dia efa vita izay natao tao vao tonga ireo namana mpiaramiasa ireo.
Eo anatrehan'izao tranga izao, dia mametra-panontaniana ny Cellule de Crise des Journalistes de Madagascar hoe iniana ve izao fanosehana mpanao gazety tsy hanao ilay fandrakofana izao, sa tsy nahy ? Fa na iniana na tsia, dia manohintohina ny zo amin'ny fahazoana vaovao malalaka izany, izay zo fototry ny olom-pirenena.
Noho izany indrindra dia mampahatsiahy ny tompon'andraikitra amin'ny ambaratonga rehetra izahay, mba hijery manokana an'io fahazoam-bao- vao sy ny fahafahana/fahalalahana amin'ny fampitambaovao io. Mampahatsiahy koa izahay fa misy ny arofenitra izay azo hampiharina amin'ny tranga toy itony, ka afaka hampiharina amin'ny fotoana rehetra izany ary afaka vonona ho amin' izany ny mpanao gazety. Tsara kosa anefa, raha toa ka misy ny filazana mialoha ny fandrindrana/ fandaminana, izay hisy sy hatao ho amin'ny tati-baovao, ny arofenitra ary ny fakana ny fanomezan-dalana".

***Niaina***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Tsy araka ny nambaran'i Vazahabe
## Tena ao anatin'ny asan'ny kaominina ny fanamboaran-dalana



**Mada 100.8 FM:** BEN' NY TANANA ANTANANARIVO - TSY ANJARAN'NY KAOMININA NY MANAMBOATRA LALANA. Manoloana ny fahasimban-dalana eto Antananarivo dia nilaza ny ben'ny tanàna, fa "tsy anjaran'ny kaominina ny fanamboaran-dalana , tsy zakan'ny volan'ny kaominina izany, ny fikojakojana sy ny fanampenana ireo lavaka no ataon'ny kaominina".
**Mampionona Mampionona:** fa anjarany mpanohitra indray zany no hanao lalana.
**Antso Nomena Hasimbola:** ny hetra trano efa ataonareo miakatra b io, ny zavatra tsisy dikany bdb ataonareo itadiavana vola io (taquet d'arrêt-parking-bus classe-sns....), koa tsy tsy zakan'ny volan'ny commune ahoana ny manao lalana? De makaiza daoly zany reny hetra sy lamandy alainareo reny kay azafady?
**Bruno Rakotobe:** tena asan'ny kaominina ny manao lalana, tamin'ny andron'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana betsaka ny lalana rarivato vitany, nanao lalana vita tamin'ny tara koa izy. Rehefa tsy hanao dia tokony hiala i ben'ny tanàna Vazahabe.
**Ranja Rou'jo :** ka aiza lay vola am' le taquet d'arrêt sy ilay entan'olona be dia be azonareo reny, fa aza mampiome be eo, fa amboaro ny lalana, sinon miala teo rehefa tsy anao, fa tsy ilaozana mangorona sy manambotry vahoaka eo e!
**Bema Randriamahazo :** jany arô ké! Fa ahoana Marina e ? Ka noho izany dia tsy kojakojaina fa iandrasana fanamboarana?
**Boret Caleouiste :** route communale? An'ny commune zany !
**Hafa Ra :** Prochitox-Prochimad-Batterie Virio-Impremerie Niaggazety Les Nouvelles... ireo no bizna lova manahirana azy. Tsy misy iraharahiany làlan'Antananarivo izany.
**Tojonirina Maminiaina :** fa anjaran'nY commune NY maka NY entan' ny mpivarotra, mametaka taquet d arrêt, manasazy haingana nefa rehefa misy NY hadisoana ataonao na dia tsy dia fanahinianao loatra aza,…
**Gregoire Zamany :** miala Maire Vazahabe rehefa tsy agnagno, tena asan'ny commune magnagno lalana communale.

TONONKALO

## TETO FOANA VE `NAREO ?

Sambasamba ve `nareo vao niaina anaty rivodoza,
Fa dia hita miharihary ny havendrananareo foza !
Angaha dia tsy mba nieritreritra, na koa mba nandefa saina
Ny hanadio ireo lakandrano tamin`ny andro mbola maina ?

Sa ny "zava-mahafinaritra" no andaniana ny fotoana,
Fa ny "zava-mahasoa" dia faralahiny eny foana ?
Mandiniha ka mihevera, aleo tenenina mivantana:
"Aiza ho aiza izany izao ilay fanjakana tsara tantana"?

Tsy "hafainganana" no misy, tsy izany no mibahana,
Fa ny peta-toko hatrany , miampy ny "fikoropahana"!
Tsy mba misy zava-banona , ary dia tsy tafavoaka
Fa toa fahoriana hatrany no manjo ireo vahoaka !

Sambasamba angaha `nareo vao niaina anaty rivodoza,
Fa dia hita ho tsy matotra ary mitavozavoza !
Ny vahoaka hatrany hatrany no iharam-pibedesana,
Noho `nareo ilay dokotera aorian`ny fahafatesana !

Vao tsy ela akory ry zareo no nandefasam-pitenenana,
F`izy ireo no tompon`antoka tamin`ireo fahatsentsenana.
Hita ny anareo mpitondra fa fialana bala hatrany,
Ka dia nihetsika nanohitra ry zareo "tanàna ambany"!

…Tsy ny fanadiovan-tena ry mpitondra fanjakana,
Tsy izany velively no ilaina eto an-tanàna,
F`ianareo mandray andraikitra amin`ny fotoanany avy,
Amin`izay tsy hahita loza toy izao ny mpianakavy !

***DADAN`i ZINA (28-01-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny depiote Todisoa ao amin'ny Boriboritany faha-6, nanolotra sakafo masaka ho an'ireo traboina, sy niombom-bavaka ho azy ireo.









Ny fahapotehan'ny lalana eto Antananarivo, miala andraikitra anefa ny kaominina.





Solontenan'ny Zanak'i Fianarantsoa, niaro an'i Mahery Lanto Manandafy, noho ny antsojay natao taminy, momba ny resaka fanehoan-kevitra tamin'ny facebook.






# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny depiote Fetra voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-5, nitondra fanampiana ho an'ireo traboina tany an-tranon'izy ireo.










Ny fanambadian'i Hery sy Cathia, zafikelin'i Martial Tovonirina, mpitolona avy amin'ny GTT avy atsy amin'ny Nosy La Réunion.









RIVODOZA MAHERY VAIKA BATSIRAI

# Manatona an'i Madagasikara Namela takaitra tatsy Maorisy sy La Réunion

Namela takaitra sahady tatsy amin'ny Nosy Maorisy sy ny Nosy La Réunion omaly, ilay rivodoza mahery vaika Batsirai. Niakatra be ny ranomasina tany an-toerana, maro ireo hazo tapaka nanimba fananan'olona : nianjera tamin'ny trano sy fiarakodia, nanapaka lalana,…



*Ny fahapotehana vokatry ny rivodoza Batsirai, tatsy amin'ny Nosy Maorisy.*

Rivodoza BATSIRAI : Any amin'ny 130 km avaratry ny Nosy Maurice no misy azy amin'izao. Mahatratra 18km isan'ora ny hafainganam-pandehany, any amin'ny 4ora any no mety hahery ny rivotra entiny. Na izany aza efa nanimba zavatra maro tany amin'ny faritra maro tany an-toerana izy. Eo amin' ny 17 km/ora eo ny fikisahany, arak'izany mihamanatona hatrany ny morontsirak'i Madagasikara izy, tao aorian'ny fandalovany tatsy amin' ireo Nosy rahavavy. Mahery vaika ny rivotra sy ny tafiotra entiny, satria mahatratra 185 Km/ora sy 260 Km/ora. Tany amin'ny 940 Km atsinanan'Ambila Lemaitso no nisy ny foiben'ilay rivodoza omaly. Mikisaka miakandrefana somary atsimo-andrefana izy, ka mahafaka 17 Km/ora. Tsy miova ny vinavina, fa manambana ny morontsiraka atsinanan' ny Nosy ity rivodoza ity, ka ahiana hiditra an-tanety eo anelanelan'i Vatomandry sy Mananjary ny sabotsy 05 Febroary 2022 atoandro na tolakandro. Tombanana ho rivodoza mahery vaika hatrany izy amin'izay fotoana izay, ka hahatratra 175 Km/ora ny rivotra miaraka aminy. Hamakivaky ny afovoan-tany izy ary tombanana hivoaka an-dranomasina ao amin' ny Lakandranon'i Mozambika ny alahady 06 Febroary 2022. Miova ho toy izao ny filazana loza: mampihàtra ny fepetra amin'ny filazana miloko maintso mikasika ny rivodoza ireto Faritra sy Distrika manaraka ireto : ANALANJIROFO, ATSINANANA, ALAOTRA MANGORO, VATOVAVY, FITOVINANY, ATSIMO ATSINANANA, ANALAMANGA, ITASY, BONGOLAVA, VAKINANKARATRA, AMORON'i MANIA, MATSIATRA AMBONY, IHOROMBE, ANTALAHA, MANDRITSARA, TSARATANANA ary TAOLAGNARO. Entanina manokana ny mponina voakasiky ny fanairana, mba hanaraka akaiky ny fivoaran'ity rivodoza ity. Efa mahazo hery ny varatraza, ka entanina ny mpampiasa ranomasina rehetra amin'ny morontsiraka atsinanana manontolo mba tsy hiandriaka intsony.

***Stefa***

Menaka spéciale teny Ivato

# Nanavotra mpivady lavo tamin' ny fiainana

Misy ve ny olona ratsy vintana, sa izay no anjarany. Manambady ity ramatoa vao 25 taona monja ary miasa ny vadiny. Tsara ny fidiram-bolan'izy mivady teo aloha, saingy tampoka teo dia nanjary niha-nahantra, satria niha-fongana ny teo am-pelatanana, ary izay sisa tsy lany dia tapitra nitsabona ilay rangahy mihitsy, satria lasa narary hatramin'ilay rangahy. Tsy vitan'izany fa mbola niady tamin'ny fianakaviany koa ilay kalakely, ka ratsy fihavanana sy fiarahamonina mihitsy. Nataon'ny olona tondro-molotra sisa izy mivady. Very hevitra ramatoa, ka nitady vahaolana tamin'olona ivelany . Mandehana manatona an'i Jessica mpitsabo 0338739541 eny Mandrosoa Ivato hoy izy, fa hahita soa ianareo. Ny ampitso ihany dia nihaona izy telo mianadahy . Vantany vao nihaona dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy: nisy nanao tsatoka ianareo hoy izy, ary tsy lavitra io olona io, fa mpiara-miasa tamin'ny vadinao ihany. Milamina sady mandroso ny fiainanareo hoy izy, ka nofinganiny satria ho lasa lavitra noho izy. Notrorin'ity mpitsabo ity tamin'ny menaka spéciale avy any Inde izy mivady ary mbola nampisotroina rano manokana ihany koa. Miverena afaka telo andro hoy izy, fa ho hitanareo ny vokany. Vao niverina tokoa afaka telo andro izy mivady dia niteny tamin'ity mpitsabo ity, fa salama ilay rangahy ary nanonofy ramatoa fa tsy maintsy hahita asa. Afaka herinandro tokoa dia nisy niantso hiasa ramatoa ary tsara ny karama. Ilay rangahy koa dia sady salama no voaray hitantana toby iray eto Antananarivo. Nivaly ny fahorian'izy roa, izay saika namoizana aina sy nahaverezana fianakaviana ihany koa. Nanomboka niverina tsikelikely nanatona azy mivady ny olona ary betsaka no vaky vava, fa namono biby tsy nahafaty satria ny hamotika azy roa mihitsy no tanjony. Tafita izy roa ankehitriny, mandeha tsara ny fiainany ary salama tsara ihany koa. Niaiky izy fa ilay menaka spéciale teny Mandrosoa Ivato no nanavotra azy tamin'ny fiainany.

***Namana***

Moramanga

# Misy fiatoana aloha ny fampiasana ilay Pont Bailey

Misy fiatoana aloha ny fampiasana ilay Pont Bailey any Moramanga, mba hanatsarana ny fifamoivoizana amin'izany tetezana izany. Misy ny fanambarana avy amin' ny ministeran'ny asa vaventy mahakasika izay. "Ny Minisiteran'ny Asa Vaventy dia mampilaza antsika mpampiasa ny lalam-pirenena faharoa RN2, fa nohon'ny asa fanatsarana izay tsy maintsy hotanterahina manomboka ny 02 febroary 2022, eo amin'ny tetezana PK 108+600 Moramanga, dia hisy fiatoana ny fifamoivoizana any an-toerana. Ny asa fanatsarana atao dia ny fanamafisana sy ny famenoana ireo banga eo ampovoan'ny tetezana. Manantena antsika hatrany hanaraka ny fandaminana izay napetraka". Maro ny mampiasa ity lalam-pirenena faha-2 ity, heverina fa tsy haharitra ny fanamboarana atao amin'izany tetezana izany.



*Ny fanamboarana amin'ilay Pont Bailey any Moaramanga faritra Alaotra Mangoro.*

***Niaina***

Sambo rendrika tany Soanieran'Ivongo

# 13 nidoboka am-ponja, mbola tsy hita ilay tompon-tsambo

Mahakasika ilay sambo Francia III rendrika tany Soanieran'Ivongo faritra Analanjirofo ary nahafatesana olona am-polony maro, niakatra fampanoavana tany Fenoarivo Atsinanana raharaha izany ny talata teo. Olona miisa13 no nidoboka am-ponja MD ao amin'ny fonjan'i Fenoarivo Atsinanana. Vesatra iampangana azy 13 ireo : firaisana tsikombakomba, sy fanararaotam-pahefana ho an'ny sasany. Ireto avy izy 13 MD ireo : 3 mpiasan'ny commune rurale Antanambe district Mananara-Nord , 4 mpiasan'ny APMF, 2 kôperativam-pitaterana, 2 olona avy tamin'ny sambo hafa voarohirohy namindra olona maro tamin'ny sambo Francia III, 2 mpahandron'olona nandeha lakana tamin'i Francia III. Ireto mpahandro ireto izay nosokajian'ny Fitsarana ho mpiray tsikombakomba ihany koa, satria hoe nahanfantatra sy nahita ny zava-misy nefa tsy nampilaza. Mbola karohina hatreto ilay tompon'ny sambo Francia III, izay sady kapitenin'ilay lakana mandeha môtera. Andrasana ny tohiny amin'ny alalan'ny fiakaran'ity raharaha ity Fitsarana.

***Stefa***



*Ilay sambo Francia III, nampidi-doza tany Soanieran'Ivongo.*

FJKM AMBOHIDANERANA FAHAZAVANA

# Trano vadim-piangonana no tsangambaton'ny faha-150 taona

Nosokafana tamin'ny fanompoampivavahana ny alahady lasa teo, ny jôbily faha-150 taonan'ny Fitandremana AMBOHIDANERANA FAHAZAVANA, ao anatin'ny Synodamparitany Antananarivo Atsinanana. Fotoana izay notarihan'ny filohan'ny komitin'ny jôbily, ANDRIANIAINA RAKOTONDRANORO, raha ny mpitandrina eo an-toerana, RAJARISON Nirina kosa, no nitondra ny hafatr' Andriamanitra, izay naompana tamin'ny lohahevitra voasoratra ao amin'ny Isaia 62 : 1Ob manao hoe « Manangàna faneva ho tazan ' ny firenena ». Tanjona amin'izao jôbily faha-150 taonan'ny fiangonana izao ny fanatsarana ny trano vadim-piangonana ho an'ny mpitandrina mianakavy. Ny 20 Oktobra 2022, no ivon'ny fankalazana izay iarahana amin'ny vahiny sy ny Foibe FJKM, ary ny 23 Oktobra kosa dia hiarahana amin'ny Renifiangonana sy ny zanaka ampielezana. Ny famaranana kosa dia ny 4 desambra 2022. Nanentana ireo mpino kristiana sy ny zanaka ampielezana hatrany ny komitin'ny jôbily, mba hifanome tànana amin'izao ezaka izao, satria miroso ny asa ankehitriny. Fa noho ny faha-20 taona naha-mpitandrina sy ny faha-10 taonan'ny fiaraha-miasa teo amin'ny fiangonana sy ny mpitandrina mivady, dia efa nosokafana tamin'ny 2 Janoary lasa teo ny fanompoampivavahana, ary ny faran'ny volana mey no ivony. Ny famaranana dia ny 12 sy 13 Novambra 2022 ho avy izao. Ezaky ny mpino kristiana eo an-toerana ny fividianana tany sy fiara ho an'ny mpitandrina RAJARISON Nirina mianakavy, mitondra ny fitandremana AMBOHIDANERANA FAHAZAVANA.

***Rajo***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 22/01/2022 hatramin'ny 29/01/2022**

- **PROVIDENCE** (Andohan' Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 020 22 670 70 / 034 02 670 70 / 032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58 / 032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1258-02-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**DIPLAOMASIA**

# 60 taona ny fifandraisana eo amin'i Madagasikara sy i Japon

Feno 60 taona amin'ity taona 2022 ity, ny fifandraisana ara-diplaomatika eo amin'i Madagasikara sy i Japon. Ny taona 1962 no nisy ny fifandraisana voalohany teo amin'ny tany roa tonta, ka ny taona 2022, no manamarika ny faha-60 taonan'ny fifandraisan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy Japon. Izany fifandraisana izany dia nanomboka tamin'ny fanendren'ny Governemantan'i Japon an'Andriamatoa Toru HAGIWARA tamin'ny Janoary 1962, ho ambasadaoron'i Japone voalohany teto Madagasikara. Ity farany dia nanolotra ny taratasy fanendrena azy tamin'izany fotoana izany, tamin'Andriamatoa Philibert TSIRANANA, Filoha voalohan'ny Repoblikan'i Madagasikara , ny volana martsa tamin'io taona io ihany. Nanomboka teo dia nanatsara hatrany ny fifandraisana niorina tamin'ny fifanajana i Madagasikara sy Japon. Samy nisitraka ny fiaraha-miasa mahomby amin'ny sehatra samihafa ny firenena roa tonta, izay tsy mitsaha-mitombo ary miitaratra izany fisakaizan'ny firenena roa tonta eo amin'ny sehatry ny fampandrosoana. Miitatra amin'ny sehatra samihafa izany fiaraha-miasa izany, toy ny fiaraha-miasa amin'ny fampandrosoana, ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatry ny varotra, ny fampiasam-bola, ny kolontsaina, ny politika, ary indrindra ny fahasalamana. I Madagasikara sy Japon dia manome lanja izany fiaraha-miasa izany ary maniry ny hanamafy izany hatrany. Ary ho taratr'izany, no nanapahan-kevitra ny hankalazana ny faha-60 taonan'ny fifandraisan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy i Japon amin'ny alalan'ny hetsika samihafa mety hitranga mandritra ny taona 2022. Noho izany, manasa ireo fikambanana rehetra misehatra ao anatin'izany fanamafisana ny fifamatorana sy fiaraha-
miasa eo amin'ny Malagasy sy ny Japone izany ny masoivohony eto amintsika, mba hanamarika izany fankalazana izany.



*Ny Ambasadaoron'i Japon eto Madagasikara.*

***Aly***

Fanazavana ny tanàna

# Andraikitry ny kaominina ny fanaraha-maso hoy ny Jirama

Mahakasika ny fanazavana ny tanàna, manontany ny andraikitry ny kaominina ny orinasa Jirama mahakasika izany. Tapaka ny jiro tetsy sy teroa tato ho ato, nilaza taminay ny tompon'andraikitry ny Jirama, fa efa misy ny ezaka anenjehana izany lafiny teknika izany, ary nanamafy izy ireo, fa ny eny amin'ny fokontany koa dia anjara andraikitry ny fokonolona ihany koa hoy izy ireo, toy ny fijerena ireo andrin-jiro tapaka sy tsy mandeha, ka tokony hampilaza ny fokontany ary ity farany no mampandre ny ben' ny tanàna sy ny Jirama, arakaraky ny seho sy tranga hita maso eo. Tato ho ato ohatra dia adidin'ny fokontany mihitsy ny mampandre ireo misahana izany raha misy "Fil " tapaka, andrin-jiro tsy mamokatra vokatry ny andro ratsy na rivo-mahery, izay ilana fiaraha-mientana tokoa.
Ny teny Andohatapenaka ohatra, làlana mifandray amin'ny digy sy Ankasina iny dia maro ireo andrin-jiro tsy mandeha intsony, ao ireo misy mangalatra ny "plaques solaires " dia mampitaraina olona maro eny amin'ny manodidina tokoa, satria lasa maizimaizina eo amin'ireo fihaonan-dàlana, ka mampatonga ny rehetra hanontany hoe: Iza no miandraikitra ireny zavatra ireny. Ambara eto araka ny vaovao omen' ny tompon'andraikitra sy ireo vondron'olona miaro ny zon'ny mpanjifa, fa anjaran'ny Commune no miandraikitra ny "Eclairage publique " na fanazavana ny eo amin'ny manodidina, miandraikitra koa izy ny borne fontaine na paompy fatsakana, noho izany dia ry zareo ireo no tokony hanaramaso akaiky izany, fa tsy ny Jirama foana raha ny andraikitra no arahina. Tokony ho samy sarotiny amin 'ny anjarany ny ben'ny tanàna amin'ireo fitaovana mitondra rianaratra. Fantatra anefa izao fa ny làlana simba aza tsy araky ny commune intsony hoy ny feo miparitaka, mainka fa ireo zava-mihantona izay manazava, ka tokony ho jerena maika sy matotra ihany koa.

***Beharo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 370**

Tsy mahare
Nitady (miv)
Sakoroka
Eka (miv)
Ao an-tsaina
Fanao @ laoka
Eritreritra miafina (miv)
Kanto (miv)
Nirehitra
Fanentanana mandeha
Voahirana
Asiana mandeha
Mitsoka
Marika
Lapan' Andriana (miv)
Mahatazana
Poleta
Azo (miv)
Tovona
Tsofoka

**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0369)

***Mitsivalana***
- Mihainoa
- Avana (miv) - An
- Nafenina
- Valala
- Otra (miv)
- Oh
- Mandalo (miv)

***Mitsangana***
- Mankato
- Ina
- Hafatra
- Avelo
- Anay (miv) - RN
- Ilo
- Anao (miv) - OM
- Havana (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 370

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | |
| 2 | | | | ■ | ■ | | | ■ | | |
| 3 | | | | | | | | | | |
| 4 | | | | | ■ | | ■ | | | |
| 5 | | | | ■ | | | | | ■ | |
| 6 | | ■ | | | | | | ■ | | |
| 7 | | | | | ■ | | | | | |
| 8 | | | | | | | | ■ | | |
| 9 | | | | ■ | | | ■ | | | |
| 10 | | | ■ | | | | | | ■ | |

**Mitsivalana**

**1.** Manarama am-pahatsorana **2.** Foto-tenin'ny otazana - Aotra - Simba sy masiso (miv) **3.** Fitaovantsika **4.** Raikitra ny dia - Diky **5.** Taova - Aretina **6.** Miandraikitra fisavàna - Mialoha ny olo-masina **7.** Azo amin'ny ranomasina (miv) - Faneva (miv) **8.** Vola fanomezana - Mpanoritra **9.** Olo-masina - Heno - Endrika sy fihetsika (BR) **10.** Tsara (BL) - Volana maro

**Mitsangana**

**A.** Sezanareo **B.** Efa tranainy (miv) - Potika **D.** Mamangy **E.** Mamarana ny kilalao - Bengy **F.** Mampisafidy - Faran-teny **G.** Potehinareo **H.** Tsara sy mahafinaritra (miv) - Fifanarahana amin'ny lalàna **I.** Tontosa (BL) - Oroka **J.** Karazana aretina - Fanehoana zava-marina **K.** Tiantsika, tadiavintsika

### Valiny Teny mifanaraka 0369

**Mitsivalana**

**1.**Fiarakodia **2.** Ody - Natory **3.** Kintana - In **4.** Ora - Re **5.** Na - Lafatra **6.** Ondana - Eo **7.** Laoka - Alao **8.** OO - Irony **9.** Alehanao **10.** AS - Eo - Voay (miv)

**Mitsangana**

**A** Fokonolona **B.** Idiranao **D.** Aina - Do **E.** Lakile **F.** Anaranareo **G.** Kanefa - OH **H.** Ota - Anay **I.** Do - Atelina **J.** Iry - Roa - Ao **K.** (L)ainga - Volo (miv)

## NY TENY FIAINANA

*"Mifahara ary, ka sikino fahamarinana ny valahanareo, ary mitafia ny rariny ho fiarovan-tratra".*

*Efesiana 6:14*

### Judo - Paris Grand Slam

# Rico sy Christiane no hisolotena an'i Madasikara

Ireo Judokas mpila ravinahitra any ivelany dia Andriamanantsoa Rico "-73 kg, 3 ème aux Championnat de France militaire", sy Vital Christiane "- 57 kg , 3 ème au demi-final des Championnats de France", no hisolo tena an'i Madagasikara, amin' ny fifaninanana Judo "Paris Grand Slam", ho tontosaina any Paris Frantsa mazava loatra, amin'ny sabotsy 5 sy amin' ny alahady 6 febroary 2022 ho avy izao.

Tamin'ny talata 01 febroary 2022 no nanambaran'ny FMJ «Federation Malagasy de Judo » an' izany vaovao izany, izay nanambara ihany koa fa eo am-piandrasana ny fametrahana ny «statut des judokas expatriés ( selection , licence , classement national etc ... ) » isika Malagasy amin'izao fotoana izao.

**Rainilita**



*Rico sy Christiane.*

### Andro faha-7 "Orange Pro League 2021/2022"

# Hafindra any Vontovorona ny lalaon'ny As Fanalamanga sy Cosfa

Ho tontosaina amin'ny faran'ny herinandro izao: sabotsy 5 sy alahady 6 febroary 2022, ny andro faha-7 amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League 2021/ 2022. Araka ny fanambarana azo avy amin'ny CFEM dia hafindra eny amin'ny kianja "Complexe Sportif Cnaps Vontovorona" amin'ny alahady 6 febroary ho avy izao manomboka amin'ny 11 ora 30 atoandro, ny fihaonana hifanandrinan'ny Cosfa Football sy As Fanalamanga tokony ho hatao any amin'ny kianja Barikadimy Stadium Toamasina amin'ny sabotsy 05 febroary 2022, noho ny ahiahy amin'ny andro ratsy manantontanona ny morontsiraka Atsinanan'i Madagasikara ankehitriny amin'ny faran'ny herinandro izao.

Ireo fandaharan-dalao hafa rehetra kosa tsy hisy fanovana :

Sabotsy 05 febroary 2022:
Five Fc # Tia Kitra Fc (kianja Eleco Plus Stadium By-Pass), Ajesaia # Uscafoot (kianja Complexe Sportif Cnaps Vontovorona), Cffa # Mama Fca (kianja Elgeco Plus Stadium By-Pass).

Alahady 06 febroary 2022:
Jet Kintana # Fosa Juniors Fc (kianja Elgeco Plus Stadium By-Pass), Jfc Toliara # A. Dato Fc (kianja Maître Kira Toliara), Elgeco Plus # 3Fb Toliara (Elgeco Plus Stadium By-Pass), Zanakala Fc # Disciples Fc (Kianja Moderne Ampasambazaha).

**Rainilita**



*Orange Pro League 2021/2022.*

### Makis à 7 lahy sy vavy ary Makis U20

# Hatao vaksiny hiarovana amin'ny Covid-19 anio


Ho fanomanana an'ireo ekim-pirenena Makis à 7 (Lahy sy vavy) ary ireo Makis U20, hiatrika ny lalao fifanintsanana iraisam-pirenena ("coupe du monde" sy "coupe d'Afrique") dia hisy ny fanaovam-bakisiny miaro amin'ny COVID-19 ho an'ireo mpilalao anio alakamisy 03 febroary tolakandro, izay hatao eny amin'ny "Centre de formation Makis Andohatapenaka". Mazava loatra, miara-misalahy amin'izany ny Malagasy Rugby sy ny Minisiteran'ny Fahasalamana Malagasy.

**Rainilita**



*Mpilalao Rugby Malagasy.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Ananambo sy boulette** de poisson, na henabaolina trondro indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary kôkômbra miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny angivy be na baranjely dia



Ny soa azo avy amin'ny angivy be na baranjely dia

Ny soa azo avy amin'ny angivy be na baranjely dia indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Izy io dia manasitrana ny HOMAMIADANA :

- Miady amin'ny homamiadan'ny nono.
- Miady amin'ny homamiadan'ny prôstaty.
- Miady amin'ny homamiadan'ny vavony.
- Miady amin'ny homamiadan'ny aty.
- Miady amin'ny homamiadan'ny voa.

Raha fintinina dia miady amin'ny karazana homamiadana rehetra izy .

Ampangotraho anaty rano 5 litatra. Misotroa iray vera maraina ary ny iray amin'ny hariva fa hiala ny homamiadana.

Ary raha efa manana fery tsy mety sitrana na HOMAMIADANA dia poteho ny voany na koa ny raviny, alaivo ny ranonony dia hataovy amin'ny nono na koa ny fery voan'ny cancer.

Na iza na iza voan'ny homamiadana ivelany, ary manana ratra mitovy aminy, ary na dia lo aza ny fery, dia poteho ity ANGIVY BE na raviny ity ary araraho amin'ny fery. Hamono tanteraka ny homamiadana izany.

Ampiasao mandritra ny iray volana farafahakeliny. Aza mampiasa indray mandeha na indroa dia ajanona, ary aza adino koa fa sotroina ihany ny ranonony izay efa nampangotrahina.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Bemarivo any amin'ny distrikan'Ambatomainty faritra Melaky

Ny tanànan'i Bemarivo any amin'ny distrikan'Ambatomainty faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Bemarivo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 4 mandrafitra ny distrikan'Ambatomainty. Vokatra any ny vary, ny katsaka ary ny mangahazo. Mpiompy omby ihany koa ny mponina any Bemarivo.

